LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA DECEMBRE 2021 N° 016

" METEZA HO SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA "

16 Fa tamin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, dia fahasoavana anampy fahasoavana. 17 Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy; [fa] ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. 18Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana ; fa ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara [Azy]. Jaona 1.16-18

Faly miarahaba antsika rehetretra nahatratra izao andro Krismasy izao indray ry havana. Hoy Jaona: "Izay hatramin'ny voalohany, dia izay efa renay, izay efa hitan'ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain'ny tananay, dia ny amin'ny Teny Fiainana (fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita azy izahay, dia tonga vavolombelona ka manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin'ny Ray ka efa naseho taminay)", Tsy iza izany lazain'i Jaona izany ry havana fa Jesosy Kristy Tompo. Mba ho tafaray Aminy koa anie isika anio ry havana.

Rehefa miresaka ny Krismasy isika ry havana dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ireo teny miresaka ny nahateran'i Jesosy. Ary mahazatra ny miresaka ireo anjely, miresaka an'i Maria sy Josefa ary ny Magy sy ireo Mpiandry ondry. Noho izany raha jerena mamaika ny perikopantsika androany dia toa tsy miresaka Krismasy. Indrindra moa fa ny Filazantsaran'i Jaona eto satria tsy miresaka ny nahaterahan'i Jesosy izany. Kanefa ry havana tena manazava tsara amintsika ny hevitry ny Krismasy sy ny Fanahin'ny Krismasy ny teny anjarantsika anio. Hoy mantsy ny and 16 amin'ny Jaona 1 eto:

"*Fa tamin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, dia fahasoavana anampy fahasoavana.*"

INONA NO HEVITR'IZANY TENY IZANY?

Tsara ny mahafantatra izay lazaina amin'ny hoe fahafenoany. Fahafenoana amin'ny inona? ary Fahafenoana an'iza?

Aoka hazava tsara amintsika fa ity and 16 ity dia mbola tohin'ny and 14 efa voavaky tamintsika teo koa: *Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana.*

Mazava eto izany ry havana fa Jesosy Kristy Tompo raha tonga tety amin'izao tontolo izao dia feno fahasoavana sy fahamarinana.

Noho izany ny valin'ireo fanontaniana roa napetrantsika teo aloha dia toy izao: ny fahafenoan'i Jesosy Kristy no resahin'i Jaona eto ary feno fahasoavana sy fahamarinana Izy.Tenen'ny Apostoly Paoly amin'ny fomba hafa izany fahafenoan'ny Tompo amin'ny fahasoavana sy ny fahamarinana izany ao amin'ny Kol 2.9 manao hoe: *"Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra; ary ianareo dia tanteraka ao aminy, sady Izy no Lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra"*,

Inona indray ary no atao hoe fahasoavana?

Eto dia tsara hazava amintsika rehetra fa tsy azo afangaro amin'ny zavatra omen'Andriamanitra ny fahasoavana. Nahazo trano, nahazo fiara, nahavita fianarana. Na koa fahaiza-manao zavatra iray toin'ny mozika na fahaiza mandaha-teny. Ireny rehetra ireny dia fanomezam-pahasoavana (na don).

Ny Fahasoavana kosa dia asa ataon'Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona, izay efa tonga fahavalo noho ny fihodinana Taminy, mba hihavanana aminy indray sy handraisany azy ho zanaka mpandova.

Anisan'ny teny mampahazava izany dia izay voalazan'i Paoly ao amin'ny Efes 2.4-6: *"Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo); ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy"*,

Izany no vaovao mahafaly entin'ny Krsimasy ho antsika ry havana. Tonga teto amin'izao tontolo izao

TOHINY PEJY 2

" METEZA HO SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA "

Jesosy tsy tonga tanam-polo, tsy tonga ho azy tamin'izao fotsiny fa feno fahasoavana sy fahamarinana.

Nataony ahoana na nataon'ny Tompo inona izany fahasaovana sy fahamarinana izany?

Eto indrindra no mipetraka ny and 17 teo manao hoe: "*Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy; [fa] ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy*".

Tahaka ny teo amin'ny and 14 dia ampiarahin'i Jaona koa eto ny fahasaovana sy ny fahamarinana. Efa voalazantsiaka fa ny fahasoavana dia asa na fanoloran-tena ataon'Andriamanitra ao amin'i Jesosy noho ny fitiavany antsika mino noho ny fitioavany antsika Fiangonana.

Koa ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo izay tonga nofo ka nonina tamintsika no nandresen'Andriamanitra ny fahavalontsika rehetra: resiny ny devoly, resiny ny fahotana resiny koa izao tontolo izao ary resiny ny fahafatesana ary dia omeny ny mino maimaimpoana ireny fandresena rehetra ireny.

Noho izany ny fahamarinan'Andriamanitra dia ny tsy nanekeny hanjakan'ny ratsy eo amin'ny fiainatsika ka nampihavanany antsika Aminy amin'ny fotoana rehetra. Inona ny vokatr'izany rehetra izany, inona ny hafatry ny Krismasy ho antsiaka?

Afaka ho sakaizan'Andriamanitra ianao sy izaho ao amin'i Jesosy Kristy. Izany no hevitry ny and 18 eto: "*Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana ; fa ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara [Azy]*".

Vanim-potoana sarotra izao iainantsika izao ry havana. Very hevitra ny zanak'olombelona ary tsy fantatra intsony ny marina sy ny tsy marina, tsy intsony izay ratsy sy tsara. Toa samy manana ny mahatery azy ny olona eo anivon'ny fiangonana aza. Mila sakaiza tena tia ary tsy mba movadika isika ry havana. Eto indrindra no mitoetra izay lazin'i Joba ao amin'ny Toko 22.21: "*Mifankazara amin'ny Tsitoha ianao, dia hiadana; Izany no hahatongavan'ny soa aminao*".

Aoka ilay Jesosy feno fahasoavana sy fahamarina no hany antony hahavelomantsika eto amin'izao tontolo izao mba hitiavantsika Mifankazara amin'ny Tsitoha ianao àry mba hahaizantsika miteny tahaka ny apostoly Paoly manao hoe:

"*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy*".

SETH RASOLONDRAIBE

LA DOCTRINE DE NOEL 1JEAN 4.1-4

1 Ce qui était dès le commencement, ce que nous avons entendu, ce que nous avons vu de nos yeux, ce que nous avons contemplé et que nos mains ont touché, concernant la parole de la vie, 2– et la vie a été manifestée, nous l'avons vue, nous en rendons témoignage, et nous vous annonçons la vie éternelle, qui était auprès du Père et qui nous a été manifestée – 3 ce que nous avons vu et entendu, nous vous l'annonçons, à vous aussi, afin que vous aussi, vous soyez en communion avec nous. Or, notre communion est avec le Père et avec son Fils, Jésus-Christ. 4 Ceci, nous l'écrivons, afin que notre joie soit complète.

En pensant à Noël, nous nous tournons généralement vers les passages de la Bible qui racontent la naissance de Jésus. Nous cherchons à entendre parler des anges, de Marie et Joseph, des bergers et des mages. Le texte cité ci-dessus ne nous apparait donc pas, au premier abord, comme un texte de Noël puisqu'il ne parle pas de la naissance de Jésus. Pourtant et bien que Jean ne relate pas ces évènements, il nous donne une explication extrêmement concise du sens de la nativité.

LE SALUT EST DONNE PAR GRACE

Noël signifie que le salut est donné par grâce. Bien évidemment, nous avons déjà aborder ce point, mais notez comment Jean l'exprime ici. Au chapitre 1 de l'Évangile de Jean, Jésus est appelé "La Parole": "Au commencement la Parole existait déjà. La Parole était avec Dieu et la Parole était Dieu" (Jn 1.1). En 1Jn 1.1, Il est appelé "La Parole de vie", puis au verset 2, Jésus est appelé "La vie éternelle". Quand il dit: "Cette vie éternelle qui était auprès du Père, et qui s'est manifestée à nous", il fait référence à Jésus-Christ lui-même. C'est une affirmation surprenante, mais elle claire. Il ne nous est pas dit que Jésus Christ a la vie éternelle, ou encore qu'Il le donne. Ce verset dit qu'Il est la vie éternelle, le salut lui-même.

C'est cette vérité profonde qui nous est révélée dans chaque passage sur Noël. Les fondateurs des autres religions indiquent le chemin de la vie éternelle, mais parce que Dieu s'est fait chair, il est la vie éternelle. S'unir à Lui par la foi, le reconnaître dans son amour, c'est vivre cette vie. Un point c'est tout. ....

Extrait de Livre: Noël caché, la vérité surprenante de la naissance du Christ

Par : Timothy Keller

Edition Clé, Lyon 2017

HAFATRY NY SYNODA LEHIBE FAHA-38 FPMA 2020 (2)
Alakamisy 11 novambra, Sabotsy 13 novambra 2021

" Koa dia iraka solon' i Kristy izahay, toa an' Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon' i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin' Andriamanitra anie hianareo." (1Kor.5.20)

Rehefa avy niombona amim-bavaka teo amin'ny fanokafana izao tapany faharoan'ny Synoda Lehibe faha-38, ho tohin'ny tapany voalohany, izay natao herintaona lasa izay, dia toy izao ny teny:

"Ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an'ny Tompo aloha, dia vao ho anay koa noho ny sitrapon'Andriamanitra;" (II Korintiana 8.5) nametrahana ny fotoana sy nandraisana famelabelarana nentin' ny Filohan'ny FPMA.

Noraisin' izao Synoda Lehibe faha-38, ho laharam-pahamehana voalohany, ny fanairana sy famporisihana ny vahoakan'ny FPMA, ny hirosoana amin'ny kitapo iombonana, izay dingana lehibe ahafahana mametraka ny fanamby: Hahatrarana 80% ny Mpitandrina lasa matihanina eto amin'ny FPMA, amin'ny taona 2025

Miainga amin'ny faharesen-dahatry ny mpino, sy ny tolona amim-bavaka, mba hiaraka hitodika amin'ilay Tompon'ny asa, ary isika dia mpiara-miasa amin'Andriamanitra (Sal. 127.1). Hampahery ny tsirairay handray ny fampianarana ny amin'ny "Voaloham-bokatra" (Deot. 18.4), ary ihany koa ny fanomezam-pahasoavana, ho fanoloran-tena tanteraka ho an'ny Tompo, araka izao teny izao :

"Manam-be tokoa ianareo amin'ny zavatra rehetra: dia amin'ny finoana, amin'ny teny, amin'ny fahalalana, amin'ny fahazotoana isan-karazany, ary amin'ilay fitiavana raisinareo avy aminay; araka izany koa no aoka hahafoizanareo be amin'izao asa soa izao" (II Kôrintianina 8.7 DIEM)

Isan'ny tanjona iray ihany koa dia ny fanentanana ny mpino hanao souscriptions amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiveloman'ny mpitandrina.

Nomena lanjany koa ny fitrandrahana ireo izay manolotena hanao ny fianarana ho mpitandrina (susciter les vocations), tokony hisy fandraisan'anjaran' ny FPMA amin'ny saram-piofanana.

Ny FPMA dia efa nanofana sy manana mpitoriteny, katekista, mpiandry....Koa hotohizana sy hamafisina ny fiaraha-miasan'ny mpitandrina amin'ireo tantsoroka ireo.

Nolanian' ny Synoda Lehibe ihany koa ny famerana ho 70 ny taonan'ny mpitandrina eto anivon'ny FPMA, ary afaka mitohy rehefa nanaiky ny fangatahan'ny fiangonana ilay mpitandrina, hatramin'ny faha 75 taona fetra tsy azo ihoarana.

Nolanian'ny mpivory ny hirosoana amin'ny fanirahana asa pastoraly (délégation pastorale), izay itakiana ny fahafenoan'ny olona voatendry nandalo roa taona nandalinana fianarana teolojia.

Nisongadina nandritra izao Synoda Lehibe izao ihany koa ny famangian'ny Filoha ny Fiangonana Loterana Malagasy, Révérend Dr Denis RAKOTOZAFY, tamim-pitiavana sy firahalahiana, ary nanome toky ny amin'ny amin'ny fiaraha-miasa eo anivon'ny fiangonana roa, araka ny tenin'i Jesosy Tompo, hoe '**Mba ho iray ihany izy rehetra**' Amen

Nofidiana ihany koa ny birao foiben'ny FPMA, hanohy ny asa mandritry ny herintaona ho avy:

- **Revérend Dr Seth RASOLONDRAIBE** Filohan'ny FPMA,
- **Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO** Filoha mpanampy Mpitandrina,
- **Atoa Roland RATIARISON,** Filoha mpanampy laika,
- **Atoa Rado RAMAROTAFIKA**, Tonia,
- **Atoa Heriharijaona RANAIVOSON**, Mpitambola,
- **Atoa Jean Christian ANDRIANJATOVO**, Mpitantambola,
- **Pasteur Jean-Teddy RAMAHERIJAONA**, Mpitandrina mpanolotsaina

Nanendry ihany koa ireo mpanamarimbola roa, dia ramatoa isany :

- **Voahirana RAKOTOVAO**,
- **Ny Aina RANDRIAMAMONJY.**

Nohavaozina tahaka izany koa ireo mpikambana ao amn'ny Sampandraharaha samihafa sy ny ORDM laika.

Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra ary ho amintsika vahoakany ny fiadanany.

Pst Solo Andrianomenjanahary
Filohan'ny Birao Synoda

Dr Rev Seth Rasolondraibe
Filohan'ny FPMA

Marseille, 13 Novambra 2021.

FANOMPOAM-PIVAVAHANA ASABOTSY 25 DESAMBRA 2021
KRISMASY [LITORJIA A]

"Tamin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, koa velomy ny hoby!" (Jaona 1.16 / Isaia 52.10)

(Fanamarihana: Fandaharana iombonana izy ity ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra eto amin'ny FPMA. Afaka manampy hira araka izay ilainy avy ny Mpitarika raha ilaina)

****

Zava- maneno fidirana

TENY FANOMBOHANA SY FANDRAISANA

Mpitarika : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

Fiangonana : Amen

(mipetraka)

ANTOKOM-PIHIRA

FIARAHABANA

Mpitarika : Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesoa Kristy Tompo !

« Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa ho velona aina mandrakizay.

Aoka izay ny tahotra, fa vaovao mahafaly no entiko ho anareo, dia fifaliana lehibe ho an'ny vahoaka rehetra : Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia i Kristy Tompo.

Koa velomy ny hoby fa efa nandray tamin'ny fahafenoany isika rehetra!»

FIDERANA (Salamo faha- 98) (mitsangana)

Mpitarika : Mihirà hira vao ho an'ny Tompo fa nahavita zava-mahagaga Izy ! Ny hery ny ny fahefana ananany no nampiasainy hahazoam-pandresena. Dia nampahafantarin'ny Tompo izany fandresena izany ; teo anatrehan'ireo firenena no nanehoany fa mpanafaka Izy : Tsy nohadinoin'ny Tompo, ry terak'i Israely, ny naneho fitia sy toetra mahatoky tamintsika ; ka dia hitan'ny vahoaka hatrany am-paran'ny tany fa nandresy tokoa ilay Andriamanitsika.

Fiangonana : Mihobia ny Tompo, ry mponin'ny tany tontolo ; ataovy manakoako ny horakora-pifaliana mbamin'ny feon'ireo zava-maneno. Mankalazà ny Tompo amim-baliha sy feon-kira; mihobia ilay Tompo Mpanjaka amin'ny trompetra sy ny feon'anjomara. Aoka hiteha-tanana ny ony ary aoka ny tendrombohitra hihoby mba hitsena ny Tompo satria tamy Izy : eny, tamy Izy mba hifehy ny tany ; dia hifehy ny tontolo araka ny rariny Izy ary hifehy ny firenena araka ny hitsiny.

HIRA : 67.1-2-4

VAVAKA FIHAONANA (mipetraka)

Zavamaneno

VAVAKA FIFONANA SY FIEKEN-KELOKA

Fanginana

Fiangonana : Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho aminao izahay; mamelà ny helokay ; diovy izahay ho afa-pahotana ; sasao izahay mba ho afa-keloka, ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay aminao. Amena.

HIRA FIFONANA:

Ry Andriamanitra Tompo ...

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA (mitsangana)

« Ny vahoaka mandeha ao anatin'ny haizina dia hahita fahazavana lehibe ; ary ny olona mipetraka ao amin'ny tany izay tandindomin'ny fahafatesana dia hiposahan'ny hazavana…

Satria misy zaza teraka ho antsika, zazalahy no omena antsika ; eny an-tsorony ny mari-piandrianany, ary ny anaram-boninahiny dia hatao hoe : Mpitondra mahay, Andriamanitra mahery, Ray mandrakizay, Andriana mitondra ny fiadanana.

Izaho, hoy i Jesoa, ilay fahazavana, dia tonga amin'izao tontolo izao, mba tsy hitoetra ao anatin'ny haizina izay rehetra mino Ahy. Raha misy mandre ny teniko ka tsy mitandrina ireny, dia tsy manameloka azy Aho ; satria tsy hanameloka izao tontolo izao no nahatongavako, fa hamonjy an'izao tontolo izao.»

Voavela ny helokareo noho ny anaran'ny Tompo ! Haleloia ! Miderà an'Andriamanitra !

HIRA 79

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesoa koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra,

fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana. Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny eto an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesoa Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.

FANKALAZANA

Mpitarika : Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra

Fiangonana : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany!

Hira : 71.1 (mipetraka)

VAVAKA HAMPAHAZAVA NY TENY

VAKITENY

ASABOTSY 25 DESAMBRA 2021 KRISMASY [LITORJIA A]

Testamenta Taloha : ISAIA 52.7-10

Epistily : HEBREO 1.1-6

Hira : 71.2 (mitsangana)

Filazantsara : JAONA 1.1-18

Hira: "Ray masina ô, manamasina anay amin'ny fahamarinana, ny teninao no Fahamarinana ! Amen"

FANEKEM-PINOANA

Isika mino an'Andriamanitra Iray, Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra na ny hita na ny tsy hita.

Ary an'i Jesoa Kristy Tompo Iray, Zananilahy Tokan'Andriamanitra, nateraky ny Rainy talohan'izao rehetra izao, ny Mazava avy amin'ny Mazava, Andriamanitra tokoa avy amin'Andriamanitra, nateraka fa tsy natao, miray amin'ny Ray amin'ny zavatra rehetra;

Izy no nahariana izao rehetra izao. Noho ny amintsika olombelona sady ho famonjena antsika, dia nidina avy tany an-danitra Izy, ary nataon'ny Fanahy Masina nofo avy tamin'i Maria Virjiny, dia tonga olona Izy.

Nohomboana teo amin'ny hazofijaliana ho fanavotana antsika, tamin'ny nanapahan'i Pontio Pilato Izy; nijaly Izy ka nalevina. Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo araka izay voasoratra Izy.

Niakatra ho any an-danitra Izy, ary mipetraka eo an-tanana ankavanan'ny Ray; avy any no hiaviany indray amin'ny voninahitra hitsara ny velona sy ny maty, ary ho mandrakizay ny fanjakany.

Isika mino ny Fanahy Masina, Tompo sady mpanome aina. Izay avy amin'ny Ray sy ny Zanaka ka itsaohana sy ankalazaina miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka; Izy dia niteny tamin'ny vavan'ny mpaminany.

Isika mino ny Fiangonana Iray, miorina amin'ny fanambaran'ny Apostoly ary manerana izao tontolo izao. Isika manaiky ny batisa iray ho famelan-keloka, sady manantena ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amena.

Hira : 71.3

TORITENY

Feon-javamaneno malefaka

ANTOKOM-PIHIRA

VAOVAOM-PIANGONANA

FANATITRA NOELY

HIRA : 77.1-2

FANOLORANA NY RAKITRA

Hira: "Ry Tompon'ny harena ô, Fanatitra an-tsitrapo, atolotray Anao izao. Mba raiso ka tahionao. Amen."

FANASAN'I TOMPO

HIRA FIOMANANA : 75.1

FIFAMPIZARANA FIADANANA

Mpitarika : Ho aminareo anie ny fiadanan'ny Tompo. Aoka hizara ny fiadanana isika.

SURSUM CORDA (mitsangana)

Mpitarika : Asandrato ny fonareo ho any amin'i Tompo

Fiangonana : Asandratray ny fonay ho any amin'i Tompo

Mpitarika : Aoka hoderaintsika ny Tompo Andriamanitra

Fiangonana : Mendrika ny hoderaina Izy

VAVAKA FANOMBOHANA

Eny tokoa, Tompo Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra !

Fifalianay ny mitsaoka Anao! Ianao Izay namorona ny zavatra rehetra ho amin'ny fahalavorariana sy ho amin'ny fianana tonga lafatra. Ianao Izay nanafaka anay tamin'ny fanandevozana mba hahafahanay manompo anao amin-kahalalahana sy am-pifliana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay.

Amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra miaraka amin' ny zavaboahary rehetra, na izay any an-danitra, na izay eto ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay eny ambonin'ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, midera hoe:

« Ho an'Ilay mipetraka eo ambonin'ny sezafiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra, ny haja, ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay!»

TENY FANORENANA
(mipetraka)

«Ary raha mbola teo am-pisakafoana izy ireo dia nandray mofo Jesosy, koa rehefa nisaotra Izy, dia novakiny ka natolony ny mpianatra, ary hoy Izy: Raiso, hano, ity no tenako. Ary nandray ny kapoaka Izy, koa rehefa nisaotra Izy, dia natolony azy ka nataony hoe: Misotroa amin'ity ianareo rehetra; fa ity no rako, dia ilay ra anorenan'Andriamanitra ny fanekempihavananyizay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka. Ary lazaiko aminareo fa manomboka izao dia tsy mba hisotro itony vokatry ny voaloboka itony intsony Aho mandra-piavin'ny andro hiarahako misotro izay vaovao aminareo any amin'ny fanjakan'ny Raiko.»

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

HIRA 815.1

VAVAKA FAHATSIAROVANA sy FANGATAHANA NY FANAHY MASINA

Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay. Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny

fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay !

Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana.

Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka.

Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

HIRA : 117.3

Vavaka nampianarin'i Tompo
(mitsangana)

Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe

Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao eto an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amena

FAMAKIANA NY MOFO SY FANANDRATANA NY KAPOAKA

Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny ran'i Kristy va izany? Ny mofo izay vakintsika, tsy firaisana amin'ny tenan'i Kristy va izany?

Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza; fa isika rehetra dia samy mandray amin'izany mofo iray izany avokoa

FANASANA

Mpitarika : «Indro efa mitsangana eo am-baravarana Aho, hoy Jesoa, ka mandòndòna. Raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko.»

Hoy ny Tompo: avia, fa efa voavoatra avokoa ny zavatra rehetra.

Hira : 75.2-3 (Fizarana ny sakramenta)

FANDRAISANA

Hoy i Jesoa Kristy Tompo: "raiso hano, ity no tenako ho anareo"

Hoy ihany koa ny Tompo: "sotroinareo rehetra ity, fa ity no rako"

TENY FAMPAHEREZANA

Noho ianareo efa nandray an'i Kristy Jesoa ho Tompo, dia manaova fitondrantena toy ny olona tafaray aminy. Aoka hahazo vahatra sy hiorina ao amin'i Kristy ianareo; aoka hihamafy hatrany ny finoanareo araka izay efa nampianarina anareo, ary aoka ho feno fisaorana an'Andriamanitra ianareo.

Hira : 73.1-2 (Fanangonana ny kapoaka)
(mipetraka)

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

HIRA: 81.1

TSODRANO
(mitsangana)

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo !

Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo;

Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo;

Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana

Amen! Aleloia!

HIRA: 81.4 (Fiverenana: "Gloria in excelsis Deo")

FANIRAHANA

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary ho mandrakizay. Amen. Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana!

Fiangonana : isaorana anie Andriamanitra

FEON-JAVAMANENO FIRAVANA